REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY TETIBOLA
----------
SEKRETARIA JENERALY
----------
FITALEAVANA ANKAPOBEN'NY FADINTSERANANA
----------

*Antananarivo, faha-*

**DIDIM-PITONDRANA laharana faha ....24.782..../2026/MEF/SG/DGD**
**Manitsy sy manampy ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Didim-pitondrana laharana faha-18756/2020-MEF/SG/DGD tamin'ny 08 Septambra 2020, izay mamaritra ny fepetra sy ny fomba fanatanterahana ny varotra ampahibemaso amin'ny alalan'ny lavanty momba ny entana eo amin'ny sehatry ny fadintseranana.**

## NY MINISITRY NY TOEKARENA SY NY TETIBOLA,

Araka ny Lalàmpanorenana ;
Araka ny Fehezan-dalànan'ny Fadintseranana ;
Araka ny Didim-pitsarana laharana faha-10-HCC/D3 tamin'ny 14 Oktobra 2025, nanome alalana ny manampahefana miaramila mahefa, izay soloin'ny Kolonely RANDRIANIRINA Michaël, hanatanteraka ny asan'ny Filoham-panjakana ;
Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2026-776 tamin'ny 05 Martsa 2026 nanendry ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;
Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2026-777 tamin'ny 25 Martsa 2026 nanendry ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta ;
Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2026-1090 tamin'ny 11 Mey 2026 izay manitsy sy manampy ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Didim-panjakana laharana faha-2019-093 tamin'ny 13 Febroary 2019, laharana faha-2021-699 tamin'ny 07 Jolay 2021, laharana faha-2023-085 tamin'ny 01 Febroary 2023 ary laharana faha-2024-050 tamin'ny 20 Janoary 2024, izay mamaritra ny andraikitra sy ny fandaminana ankapoben'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Tetibola ;
Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2026-300 tamin'ny 04 Febroary 2026 nanendry ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana ;
Araka ny Didim-pitondrana laharana faha-18756/2020-MEF/SG/DGD tamin'ny 08 Septambra 2020, izay mamaritra ny fepetra sy ny fomba fanatanterahana ny varotra ampahibemaso amin'ny alalan'ny lavanty momba ny entana eo amin'ny sehatry ny fadintseranana.

ARAKA NY SOSO-KEVITRY NY TALE JENERALIN'NY FADINTSERANANA,
**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO :**

**Andininy voalohany :** Ity Didim-pitondrana ity dia natao hanitsiana sy hanampiana ireo fepetra sasantsasany ao amin'ny Didim-pitondrana laharana faha-18756/2020-MEF/SG/DGD tamin'ny 08 Septambra 2020, izay mamaritra ny fepetra sy ny fomba fanatanterahana ny varotra ampahibemaso amin'ny alalan'ny lavanty momba ny entana eo amin'ny fadintseranana.

**Andininy faha-2 :** Ny fepetra voalazan'ny andininy faha-5, faha-6, faha-13 ary faha-18 ao amin'ny Didim-pitondrana laharana faha-18756/2020-MEF/SG/DGD voalaza etsy ambony dia ovaina sy ampiana toy izao manaraka izao :

***Andininy faha-5 (vaovao)* :** Ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana dia manana fahefana hanapa-kevitra ny amin'ny endriky ny fizotry ny varotra, izay azo tanterahina amin'ny alalan'ny varotra an-tserasera, lavanty ampahibemaso, na tolobidy anaty valopy mihidy.

Noho ny antony mifandraika amin'ny fiarovam-pirenena, ny tombontsoam-bahoaka na ny antony ara-pitantanana sy ara-barotra, dia azony atao ny manatanteraka varotra voafetra ny fifaninanana, na dia eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena aza raha ilaina. Izany dia atao amin'ny alalan'ny antso tolo-bidy voafetra raha antony ara-barotra no iorenany, na fivarotana ifanarahana mivantana raha antony fiarovam-pirenena na tombontsoam-bahoaka no antony, araka ny lalàna sy ny fitsipika manan-kery.

Malalaka ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana amin'ny fanapahan-kevitra na hampiasa na tsia ny tolotry ny mpikarakara lavanty (Commissaire-priseur) amin'ny fitantanana ireo asa mifandraika amin'izany.

***Andininy faha-6 (vaovao)* :** Ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana dia mamoaka filazana izay mamaritra ny fombafomba sy ny fepetra mifehy ny varotra, araka ny lalàna sy ny fitsipika manan-kery.
Ny filazana ho an'ny besinimaro sy ny lisitry ny entana amidy dia avoaka amin'ny alalan'ny haino aman-jery an-tsoratra sy am-peo aman-tsary, apetaka eo anivon'ny Sampan-draharaha Foibe sy ny biraon'ny Fadintseranana rehetra, ary avoaka ao amin'ny tranonkalan'ny Fadintseranana.

Ny varotra misy famerana ny fifaninanana dia azo ampahafantarina amin'ny alalan'ny fitaovana elektronika na amin'ny antso hanehoana fahalinana, izay natokana ho an'ireo mpandray anjara mahafeno ny fepetra takiana amin'izany varotra izany.

Raha fivarotana atao amin'ny fifanarahana mivantana, ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana dia afaka mangataka tolotra avy amin'ny Fitantanan-draharaham-panjakana na Andrim-panjakana iray voafaritra mialoha. Tsy maintsy mahazo ny fankatoavan'ny Minisitra miadidy ny Fadintseranana mialoha izany tolotra izany.

Ankoatra ny fampahafantarana amin'ny alalan'ny fitaovana elektronika na ny antso hanehoana fahalianana, ny antso tolo-bidy voafetra eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena dia azo avoaka ihany koa amin'ny gazety iray miparitaka eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena na isam-paritra.

***Andininy faha-13 (vaovao)* :** Ny olona rehetra, na olona ara-dalàna, dia mahazo mandray anjara amin'ny varotra, afa-tsy ireo mpikambana ao amin'ny Vaomiera misahana ny varotra ampahibemaso amin'ny alalan'ny lavanty voalazan'ny andininy faha-**3** etsy ambony.

Raha misy varotra misy famerana ny fifaninanana voalazan'ny andininy faha-5 amin'ity Didim-pitondrana ity, dia azon'ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana angatahina ny fanampian'ny rafitra iray manam-pahaizana manokana mba hamantarana ireo olona ara-boajanahary na olona ara-dalàna mahafeno indrindra ny fepetra takiana amin'ilay varotra. Ny mason-tsivana ampiasaina hisafidianana ny mpandray anjara dia hofaritan'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.

***Andininy faha-18 (vaovao)* :** Foanana avokoa ireo fepetra ara-dalàna rehetra mifehy ny fivarotana ampahibemaso amin'ny alalan'ny lavanty voalazan'ny andininy faha-237, faha-238, faha-238 **bis**, faha-313 ary faha-336 ao amin'ny Fehezan-dalànan'ny Fadintseranana, izay navoaka talohan'ity Didim-pitondrana ity ka mifanohitra amin'ny fepetra voarakitra ato.

**Andininy faha-3 :** Ny sisa amin'ireo fepetra dia tsy ovaina.

**Andininy faha-4 :** Foanana avokoa ireo fepetra rehetra teo aloha izay mifanohitra amin'ity Didim-pitondrana ity.

**Andininy faha-5 :** Manan-kery avy hatrany ity Didim-pitondrana ity manomboka amin'ny andro amoahana azy ao amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara.

Natao teto Antananarivo, ny 29 JUIL. 2026

NY MINISITRY NY TOEKARENA SY NY TETIBOLA